Traboina amin'ny Boriboritany miisa 6 **2**

**Nahazo ny anjara fanampiany avy amin'ny antoko TIM**

Vehivavy TIM Analamanga sy traboina **3**

**Mifampitsinjo ny samy vehivavy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 1 febroary 2022 Laharana 1257 Vidiny : **400 Ar**


**Fanjifana** **6**

**Tsy hita hatramin'izao izay fidinan'ny vidim-bary**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Raharaha Mahery Lanto Manandafy** **3**

## Tsy ekena intsony ny ramatahora ataon'ny fitondrana Rajoelina



**Raharaha cybercriminalité** **2**

## Sazy mihantona 6 volana no sazin'i Mahery Lanto Manandafy



**Angôvo** **7**

## Maro no potika fihariana noho ny delestazin'ny Jirama



jirama

VINAVINA FAHATAPAHAN-JIRO NOHO NY ASA FANAMBOARANA AN'ANDEKALEKA

Alatsinainy 31 Janoary 2022

-67Ha Afovoany,Avaratra,Andrefana-Andohatapenaka (CDA)
-Ampefiloha Ambodirano-Ankasina-Parking
-Antsalovana-Antohomadinika sy ny manodidina
-Antsakaviro-Antsahabe-Ambodirotra-Ampahibe
-Mangasoavina-Betongolo-Cité Planton
-Ambaranjana sy ny manodidina

Ora : 9h00-12h00

Ny JIRAMA dia maneho ny fialan-tsiny noho ny fanelingelenana aterak'izany ary mankasitraka ny mpanjifany amin'ny faharetana

jirama

VINAVINA FAHATAPAHAN-JIRO NOHO NY ASA FANAMBOARANA AN'ANDEKALEKA

Alatsinainy 31 Janoary 2022


-67Ha Afovoany-Ny Havana-Ambodinisotry
-Isotry-Andranomanalina
-Isoraka-Ambatonilita
-Ampasamadinika-Antaninarenina
sy ny manodidina

Ora : 8h30-12h30

Ny JIRAMA dia maneho ny fialan-tsiny noho ny fanelingelenana aterak'izany ary mankasitraka ny mpanjifany amin'ny faharetana

**Mr Aina eny Itaosy** **6**

## Nanavotra tovolahy ratsy vintana sy very asa



**Hahazo 2 tapitrisa Ar izay mahita azy** **6**

**Karohana i Franck, nitifitra olona 3**

**Fetin'i Saint Valentin** **6**

**Maro ireo azo atao fanomezana ao amin'ny Baolai**

**Daka kely**

Toa tsy sahy nampidoboka an'i Malama ndray lisany ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

# Tsy manary ireo traboina ny RMDM sy ny TIM

Mbola manamafy ny fanohanana sy fanampiana ireo traboina, noho ny andro ratsy nandalo farany teo teto amintsika ireny, ny mpanohitra RMDM sy ny antoko TIM, amin'ny alalan'ny filoha nasionaliny Marc Ravalomanana. Nosoritany nandritra ny fanambarana izay nataony omaly, fa tsy manary ireo traboina fa mijery akaiky azy ireo ny RMDM sy ny TIM: "noho ny rivo-doza sy orambe izay niteraka ny tondradrano mahazo ny faritra maro eto Madagasikara dia vao mainka latsaka anatin'ny fahoriana ny Malagasy maro. Miara-miory sy mankahery an'ireo fianakaviana izay namoy havana vokatr'izany ny tenako ary mankahery anareo rehetra izay tra-boina ihany koa. Ny antoko TIM sy ny RMDM dia manao ny ezaka rehetra mba hitondra ny fanampiana maika, indrindra ny sakafo izay tena mahasahirana an'ireo havantsika ireo. Eto dia misaotra sy mankasitraka an'ireo izay tsy nisalasala, fa nanome fanampiana an'ireo havantsika sahirana ireo. Mbola manao antso avo ihany koa aho, ho antsika eto an-toerana sy ianareo any ivelany, mba handray anjara ary hifanampy amin'izao fahavoazana mahazo ny vahoaka Malagasy izao. Ny fandraisana anjara entintsika dia efa mahafaly ireo Malagasy havantsika ireo, koa manentana hatrany antsika rehetra aho amin'izao voin-kava mahatratra izao.



*Ny Filoha Marc Ravalomanana.*

**Nangonin'Isambilo**

Traboina amin'ny Boriboritany miisa 6

# Nahazo ny anjara fanampiany avy amin'ny antoko TIM

Nahazo anjara fanampiana avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tamin'ity herinandro ity, ireo traboina amin'ny Boriboritany miisa 6 eto Antananarivo Renivohitra. Ny birao politikan'ny antoko, sy ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ity antoko natsangan'ny filoha Marc Ravalomanana ity, eto an-drenivohitra no nanatanteraka izany fanampiana ny traboina izany. Nidina ifotony, nirobo-drano, hatrany antranon'ireo traboina mihitsy izy ireo nandritra izany. Vary, siramamy, savony, labozia ary sakafo masaka ihany koa no nomen'ny antoko an'ireo trapahasahiranana noho ny vokatry ny loza voajanahary iny. Nambaran'ny sekretera jeneraly nasionalin'ny TIM Rina Randriamasinoro fa:" miaina tanteraka ato anaty fahasahiranana ny vahoaka malagasy ankehitriny, indrindra fa ireo mponina tratran'ny tondradrano. Nanjary lasa tra-boina tsy fidiny, tsy maintsy hatrehina sy zakaina anefa izany. Amin'ny maha malagasy dia tena ilaina tokoa ny mifanampy sy ny mifanome tanana ary mifampizara ny kely hananana manoloana izao voina izao. Izahay eto amin'ny antoko Tiako i Madagasikara izay tarihin'ny filoha Marc Ravalomanana moa dia miezeka hatrany manampy sy manao arak'izay misy eo am-pelatanana. Izao no fotoana entina hanehoana ny firaisankiana eo amin'ny maha samy Malagasy. Araka ny kolontsaina sy ilay soatoavina malagasy hoe :«voin-kava-mahatratra», dia nitondra ny anjara birikiny ny Filoha Marc Ravalomanana, ka naniraka anay avy amin'ny Birao Politika sy ireo mpikatroka avy amin ny antoko Tiako i Madagasikara, mizara fanampiana ho an'ireo traboina eto Antananarivo". Nitondra ny hafatra avy amin'ny filoha mpanorina ny antoko koa izy, nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana fa: " manoloana ny fotoan-tsarotra toy izao no ilaina ny firaisankina sy fifampitsinjovana amin'ny samy malagasy, tsapako loatra izany very sy simba fananana hoy ny Filoha Marc Ravalomanana, ka izany no mahatonga ny avy amin'ny antoko tarihako mitondra ny anjara biriky fanampiana ho an'ny traboina izao".



*Ny avy amin'ny antoko TIM, nizara fanampiana teto an-drenivohitra.*

**Isambilo**

Filohan'ny SMM vaovao

# Tsy manaiky intsony ny fitsabahana amin'ny asam-pitsarana

Nandray ny asany amin' ny maha-filohan'ny SMM, na Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara azy, Andriatsitoharisoa Mbitanarivo. Nilaza izy nandritra izany fa tsy manaiky intsony ny fitsabahana amin'ny asam-pitsarana : "Aoka hatsahatra ny fitsabahana amin'ny asam-pitsarana, ary avelao halalaka hanao ny asany ny fitsarana", hoy izy. Hentitra amin'ny fahaleovantenan'ny fitsarana ny tenany, sarotiny amin'ny anajana ny tany tan-dalàna, sy ny fahaleovantenan'ny mpitsara, ka ahafahany mampanjaka ny marina. Tsy ny mpanatanteraka ihany, no manao tsindry, fa ao koa ireo mpanao lalàna amin'ny alàlan'ireo olom-boafidiny, hoy izy. Tsy ny mpitsara irery no mizaka ny vokadratsin' izany, fa ireo vahoaka sy ny mpitandro filaminana miara-miasa aminy koa. Tsy hanaiky lembenana intsony izy ireo amin'ny fitakiana nataony nefa tsy mbola tanteraka. Nisy ny zavatra efa tapaka tamin'ny taona 2012, namafisina izany tamin'ny 2017, ka tokony hojerena akaiky. Aoka izay ny famezivezena ary aza atao rano dikain'ny zinga ny zavatra efa nifampiresahana, hoy ity mpitsara tanora ity. Hanao hetsika manokana momba ny ady amin'ny kolikoly ihany koa ny SMM. Ny toky fitaka fa ny hatao no ho hita, hoy ny fomba fiteny izay, ka ho hita eo ny ho akon' izany fanambarana nataon'ny filohan'ny SMM vaovao izany.



*Ny birao vaovaon'ny SMM, ny filoha vaovao (afovoany).*

**Niaina**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Hitohy ny ady amin'ny tsy rariny sy tsy hitsiny

Andrarezina lehibe roa no nandao eo amin'ny sehatry ny tolona ho amin'ny famerenana ny fahamarinana, ny rariny sy hitsiny, ny fanaovana tsinontsinona ny sarambabem-bahoaka izao, dia ny Profesora James Ratsima, sy ny Maître Olala, izay vao nindaosin'ny fahafatesana tamin'ity herinandro ity. Mahery fon'ny firenena ireny lasa ireny, ary olomanga tokoa mendrika ho tahafina satria tena môdely. Nampiavaka azy ireo ny fiadiana fo mafy sy nitaky mahitsy mihitsy ny amin'ny famerenana ireo Nosy malagasy bodoin'ny fitondrana frantsay mandraka ankehitriny. Marina fa misy fahabangana lehibe ny fahalasanan'izy ireo, kanefa tsy midika izany fa hihena ny tolona niarahana taminy. Mbola misy mantsy ireo olom-pirenena maro, sy ireo fikambanana mandeha amin'izany lalana izany, mba hahasoa ity firenena ity. Anisan'ny fikambanana na antoko miady mafy ho amin'ny fampanjakana izany ny Otrikafo ary mavitrika amin'izany izy. Eo ihany koa ireo hafa izay inoana fa hampitombo ny tanjany sy ny heriny, fa tsy hiraviravy tanana. Mbola maro ihany koa ireo olom-pirenena sarotiny amin'ny fahapotehan'ny firenena sy ny fikorosifahany tsy mitsahatra eo amin'ny lafiny maro samihafa. Raha nanao tombana sy fanadihadiana ny mpanao gazety samihafa nanao jery todika ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakana natao teto, sy ny fanapotehana feno habibiana ireo orinasa maro samihafa tamin'izany ka mandraka ankehitriny, dia ny fehiny, nihemotra i Madagasikara. Tsy tratra hatramin'izao, 13 taona aty aoriana, ny taha-pitomboana ara-toekarena 7% mahery tamin'ny andro nitondran'ny filoha Ravalomanana. Efa ho tafavoaka ny firenena tamin'ireny fotoana ireny, no nosomparan'ireo olom-bitsy tia tena mahatsiaro ho very tombontsoa noho ny fahaiza-mitondran'ny filoha Ravalomanana tamin'izany. Fahaiza-mitondra izay tsy hain'ny fitondrana Rajoelina mihitsy, satria fotopisainana mankahala olona no entina itondrana firenena. Na hiolan-kavia na hiolan-kavanana izao fitondrana izao, raha mbola toy izany no fisainana entina mitondra tsy ho tafavoaka velively ity firenena ity. Raha mbola ny tsy fahamarinana sy ny tsy fanajana ny rariny sy hitsiny no atao fototra itondrana ny firenena, tsy hisy fisandratana izany eto, fa ho tojo fahasahiranana toy izao mandrakariva. Izao fitondrana Rajoelina izao dia miharihary fa tsy mahay mandray lesona amin'ny fiainam-pirenena hatramin'izay. Ireo olona mpanohana sy miara-dia aminy na olom-boafidy na olom-boatendry, raha mbola tsy manova toe-tsaina, fa mikiribiby mihevitra ho zavatra noho ny hafa, dia tsy hisy firenena ho vanona izany, ary ho tolo-bato mafana no hatolony ny taranaka any aoriana.

**Sôh'son**

Raharaha cybercriminalité

# Sazy mihantona 6 volana no sazin'i Mahery Lanto Manandafy

Niakatra fampanoavana omaly ny raharaha fitoriana an'i Mahery Lanto Manandafy na Malama, teny anivon'ny fampanoavana, fitoriana azy noho ny resaka amin'ny tambazotran-tserasera sosialy, na cybercriminalite. Avy tao amin'ny fampanoavana ity raharaha ity dia notsaraina avy hatrany. Sazy mihantona 6 volana an-tranomaizina no sazy azony, miampy lamandy 9 hetsy Ar ary onitra 6 tapitrisa Ar sazy mihàtra araka ny vaovao farany voaray.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Niharihary ny fiomanana nisy lesoka

Miditra sahady amin'ny volana faharoa amin'izao taona diavina izao isika. Toe-javatra maro samihafa no natrehina tamin'iny volana janoary nivalona iny ary saika nibahana tao anatin'izany ny olana sy fahasahiranana maro samihafa hoan'ny isam-batan'olona, na tokantrano sy fianakaviana ary ny firenena manontolo, vokatry ny toetrandro sy ny loza voajanahary. Ankehitriny mbola tsy afaka ny takaitra navelan'izany eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena. Mbola ao anatin'ny fotoampahavaratra tanteraka ihany koa anefa isika izao ary mbola tsy tafavoaka ny ala araka ny fitenenana, izany hoe, mbola mila manoman-tsaina sy ara-pitaovana isan-karazany amin'ny fiatrehana izay mbola rivodoza hoavy manaraka handalo eto amintsika.
Nivoaka avy eo anivon'ny filankevitry ny minisitra tamin'ny herinandro lasa iny, fa efa miomana ho amin'izany ny fitondrana ary nofariparitany izay tokony hatao rehetra amin'izany. Fanomezan-toky an'iza moa izany sa ho an'ny tenany ihany? Vao re mantsy ilay teniny hoe efa miomana ho amin'izany, dia mitamberina ao an-tsaina ny tany amin'ny taona 2020, volana janoary fiandohan'ny taona, fa efa vonona ny hiatrika ny fidirana sy ny fihanaky ny valanaretina covid-19 ny fitondrana Malagasy, efa vonona tsara ireo fitaovana isan-karazany momba izany, sns… Niaraha-nahita sy niaina tsara anefa ny zavanitranga rehefa tafiditra teto, noho ny fahataran'ny fepetra fanidiana ny sisintany, ny seranan-tsambo sy indrindra ny seranam-piaramanidina. Nihazakazaka ny fiahanaky ny valanaretina ary tsy naharaka na ny fitaovana fitsaboana nolazaina fa vonona, ny mpiasan'ny fahasalamanana sy ny toerana nandraisana ireo narary, mbamin'ny toeram-pandevenana, izay niteraka resabe teo amin'ny vahoaka tamin'ireo lavaka noforonin'ny fitondrana hatao handevenana izay lavo. Mbola nitovitovy tamin'izany ihany koa no nitranga tamin'ny taon-dasa rehefa niatrika ny onja faharoa amin'ny valanaretina ny firenena.
Raha mandray lesona marina sy mahay manitsy ny diany izao fitondrana izao, ka mba miroso miha-matotra kokoa amin'ny fomba fiasa, dia tsy ho be resaka, na ny teny no atao lasa aloha toy ny hatramin'izay fa ny fanatanterahana zara raha misy vita. Inoana mihitsy, fa tsy tao anatin'ny drafitra nofaritany tany ampiandohana nanaovany fidedadedahana be hatrany Frantsa, mialoha ny nitondrany azy teto kanefa mandraka ankehitriny tsy voazava ny amin'ny paikady fisorohana ny amin'izay mety ho vokatry ny loza voajanahary toy izao. Kanefa izany dia efa mpanjo an'i Madagasikara isan-taona, sy toy ny mitranga ihany koa, ohatra, manjo ireo mpiray tanindrazana any atsimo amin'ny kere. Efa miseho ny olana vao mody mikoropaka, ary tsy maintsy manao rahateo. Ilay fitavozavozana sy tsy fahombiazana araraotina ho kisary politika isehoana ho fitsinjovana vahoaka iharan'ny olana anefa, no manahirana ny mpandinika ny raharaham-pirenena ny mieritreritra azy ao anatin'izany.

***Sôh'son***

RAHARAHA MAHERY LANTO MANANDAFY

# Tsy ekena intsony ny ramatahora ataon'ny fitondrana

Misy ny fanambarana avy amin'ny RMDM, Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, mahakasika ny raharaha Mahery Lanto Manandafy (Malama), ny faran'ny herinandro teo ary nitohy omaly. Tsy azo ekena intsony izao ramatahora ataon'ny fitondrana Rajoelina izao hoy izany fanambarana izany: "manoloana ny fiampangana sy fitazonana an'Andriamatoa Mahery Lanto Manandafy nohon'ny fanehoan-kevitra tsotra nataony tao amin'ny Facebook dia iaraha-mahita, fa misy tokoa ny fanamparam-pahefana ary fanitsakitsahina ny lalampanorenana ataon'ny mpitondra. Voalaza mazava ao amin'ny andininy faha-10 ny lalampanorenana, fa iantohana ny fahalalahana maneho hevitra. Ny fiampangana sy ny fitazonana azy, izay nataon'ny mpitandro filaminana dia azo adika tsotra izao, fa fanaovana ramatahora an'ireo Malagasy rehetra sahy maneho ny heviny ankahalalahana, sy mitsikera ny tsy fahombiazan'ny mpitondra. Arak'izany dia efa mihàtra eto amin'ny firenena ny didy jadona sy ny fanapotehana ny demokrasia. Tsy azo ekena intsony ny fanaovana ramatahora, ny didy jadona, ary ny fanitsakitsahina tsy misy farany ny lalampanorenana ataon'ny mpitondra fanjakana iarovana ny tombontsoa politikan'izy ireo. Noho izany dia manameloka tanteraka izao fiampangana sy fitazonana an'Andriamatoa Mahery Lanto Manandafy izao izahay. Takianay ny hamotsorana azy haingana ary tsy misy fepetra. Melohinay ihany koa ny fampiasana ny mpitandro filaminana, sy ny fitsarana ho fitaovana politika sy herim-pamoretan'ny mpitondra"., hoy ity fanambaran'ny RMDM nosoniavin' ny filoha Marc Ravalomanana ity.

***Niaina***

Vehivavy TIM Analamanga sy traboina

# Mifampitsinjo ny samy vehivavy

Anisan'ny ahitana traboina noho ny andro ratsy farany teo, teto amintsika, ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM). Manoloana izay voina mahazo ny vehivavy TIM ankehitriny izay vokatry ny rano be dia nisy ny toromarika avy amin'ny filoha nasionaly ny antoko TIM Marc Ravalomanana ny ijerena ny mpiray tanindrazana traboina ankehitriny. Tao anatin'izany dia nisy ny fidinana ifotony nataon'ny birao politika nasionaly, notarihin'ny sekretera jeneraly (SG) ny TIM Rina Randriamasinoro, sy nitondran'izy ireo fanampiana isam-baravarana. Nisy ihany koa ny fanomezana sakafo masaka isaky ny boriborintany miisa 6 eto Antananarivo Renivohitra. Niavaka ny



*Ny sasany amin'ireo vehivavy TIM, nisitraka fanampiana avy amin'ny Vehivavy TIM Analamanga.*

vehivavy TIM tamin'ity indray mandeha ity, nijery ireo namany aloha izy ireo, satria tena maro no traboina ao anatin'ny vehivavy Tiako i Madagasikara. Nifampitsinjo teto ny samy vehivavy. Araka ny tapaka nandritra ny fivoriana izay nataon'izy ireo dia nisy ny tolotanana niantsoana ireo malalatanana avy eto an-toerana sy avy any ivelany nanatontosana ny hetsika fanampiana izay natao. Vokatr'izany, vehivavy TIM miisa 340 no nisitraka ny fanampiana vary milanja 3 kg avy ary labozia sy savony ho an'ireo nahazo taona. Izay no vita tamin'ity andiany voalohany ity satria izay no teo ampelatanana hoy ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga Rahelisoa Arphine. Miezaka isika hoy ny mpitarika ny vehivavy TIM eto Analamanga, fa mbola mitady hevitra izy ireo hijerena fanampiana ho an'ireo mbola tsy nisitraka izany. Nilaza ny sektetera jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro, nandritra ny fizarana ny fanomezana, fa fanampiana amin'ny maha samy mpiarabelona no atao, mba hanalana fahasahiranana antsika aloha. Mbola ho avy ny fotoana hoy izy hahafahantsika mivoaka amin'izao fahantrana sy fahasahiranana lalina izao.

***Helisoa***

Depiote Alain Ratsimbazafy

# Nanolotra fanampiana ho an'ireo traboina teny Anosizato

Nanolotra fanampiana ho an'ireo traboina ao Antananarivo Atsimondrano, ny depiote voafidy tany amin'iny faritra iny avy amin'ny antoko TIM, Alain Ratsimbazafy. Notohizany tao amin'ny Kaominina Anosizato Andrefana, ny fitsidihana ireo traboina, vokatry ny fiakaran'ny rano, tao amin'ny distrikan' Antananarivo Atsimondrano. Ity Kaominina ity, dia anisan' ny be traboina indrindra, ka tonga nampahery azy ireo ny depiote sady nitondra fanampiana ihany koa, mba hiatrehan' izy ireo izao voina izao. Nambarany tamin'izany fa:"isaorana ny fandraisana andraikitra efa nataon'ny Kaominina sy ny Mpiara-miasa rehetra, ary koa ireo Tompon'andraikitry ny fahasalamana, ny fanaraha-maso ny rehetra. Manentana ny fifanomezan-tanan' ny rehetra hatrany ny tenako amin'izao zava-misy izao », hoy ny Depiote Alain Ratsimbazafy. Efa nitondra fanampiana ho an'ireo traboina tao amin'ny Kaominina Ampitatafika koa ity olom-boafidy avy amin'ny antoko TIM ity.

***Stefa***



*Ny depiote Alain Ratsimbazafy, nitondra fanomezana ho an'ireo traboina tao Anosizato Andrefana.*

TONONKALO

## Ra-13 sy ny olony

Ireo olonareo ve Rateloambinifolo
Dia tena sokajin`ny veta daholo ?
Fa na ny fiteny na ny atao rehetra
Dia toa tsy madio fa dia tena voretra !

F`angaha dia tsy manana "rà malagasy"
No dia hifamono sy hifanondro basy ?
Sa manana mpiaro satria eny ambony
Ka tena tsy misy atahorana intsony ?

Ireo olonareo ve Rateloambinifolo
Dia tena sokajin`ny mpanao bontolo ?
Ny tohatra tsy afaka, tsy hay koa ny rihana,
Nefa dia rindrina ve no ianihana ?

Lalana tsotra aza iaraha-mahita
Fa mila hatsaraina kanefa tsy vita,
Dia `ndeha hisavoana amin`ny teleferika
Izay hita fa mbola tsy mety amintsika ?

Ireo olonareo ve Rateloambinifolo
Dia tena efa lo ary koa bobongolo ?
Raha `zay "teny gasy" toa tsy hainy miteny
Kanefa malaza amin`ny "ompa reny" ?

…Mba mieritrereta Rateloambinifolo
Fa tena efa miaiky anareo ny tontolo,
Ka raha izay ny anio ary koa atsy ho atsy
Dia tena ianareo ilay malaza amin`ny ratsy !

***DADAN`i ZINA (Janoary 2022)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny mpiara-miasa amin'ny depiote Feno Ralambomanana avy amin'ny antoko TIM Boriboritany faha-3, nanomana sakafo nozaraina tamin'ny traboina ao amin'ity Boriboritany ity.**









**Ny avy amin'ny antoko TIM nizara fanampiana tamin'ireo traboina ao amin'ny Boriboritany faha-3 sy faha-6.**









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny Vehivavy TIM Analamanga, nanome fanampiana ho an'ireo vehivavy TIM traboina, avy amin'ny Boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra.










Ny avy amin'ny antoko TIM, nizara fanampiana sy sakafo masaka, ho an'ireo traboina tao amin'ny Boriboritany voalohany sy faha-3.







KAROHANA I FRANCK, NITIFITRA OLONA 3

## Hahazo 2 tapitrisa Ar izay mahita azy

Nisehoana herisetra fitifirana olona tany Ambanja faritra Diana ny herinandro lasa teo. Izany Franck izany no anisan'ny tompon'antoka tamin'izao asan-jiolahy izao. Wanted, na karohana izy ankehitriny. Omena vola 2 tapitrisa Ar izay manana loharanom-baovao mikasika azy, rain-dahana jiolahy nitifitra olona 3 tany amin'iny renivohitry ny faritra Sambirano iny. Franck no anaran'ity tovolahy karohan' ny mpitandro ny filaminana sy ny ben'ny tanànan'Ambanja ity, noho ny fanafihana mitam-basy nataony tany Antanambao faha-5 Ambanja ny herinandro lasa teo. Olona telo no voatifitra tamin'io fotoana io. Maro ireo tompon'antoka niaraka taminy voasaringotra amin'ity raharaha ity. Ho toloran'ny ben'ny tanànan'Ambanja, Andriamampionona Elysée vola mitentina 2 tapitrisa ariary (2000000 ariary) izay mahita na manana loharanom-baovao mikasika azy. Ny laharana 0329 394157 no antsoina avy hatrany ho an'izay mahita ity olona tadiavina ity.


*Franck, tovolahy karohan'ny mpitandro filaminana.*

**Stefa**

Fanjifana

## Tsy hita hatramin'izao izay fidinan'ny vidim-bary

May volon-tratra ny fanjakana, satria efa ela no niandry ny fidinan'ny vidin'entana ilaina andavanandro toy ny vary, menaka, siramamy sns… saingy tsy hita hatreto ny mpanjifa. Efa mba nidina ifotony tany Ambatondrazaka ny minisitra Edgar Razafindravahy taorian'ny nanendrena azy ho tompon'andraikitra ary nilaza fa ho jerena ny vidim-bary eto Madagasikara. Taorian'izay dia mbola nidina tany amin'ny faritra hafa indray ary mbola namafisina hatrany izany resaka izany. Hatreto anefa dia tsy hita izay fidinan'ny vidin'entana, fa vao mainka aza miakatra. Nitombo ireo traboina noho ny rotsak'orana teto amintsika vao nikoropaka ny fanjakana nampakatra vary tsinjo hamatsy ireo traboina. Tsy vitan'izany , fa mbola nambara fa ampy ny tahiry ary tsy mitsahatra mitady vahaolana ho an'ny malagasy ny mpitondra fanjakana ankehitriny. Hatreto anefa dia tsy mbola voavaha izay olan'ny vahoaka malagasy noho ny fahasahiranana izay. Reraky ny balaroran'ny mpitondra ny vahoaka madinika eto amintsika.

**Rajo**

Antohomadinika sy Coum 67 Ha

## Tsy misy fanamboarana hatreto ny lalana potika


*Ny fahasimban'ny lalana etsy Antohomadinika.*

Aiza ny mpitondra fanjakana sy ny kaominina hoy ny mponina mpampiasa iny làlana eny Antohomadinika sy ambadiky ny Coum 67 ha iny? satria hatreto dia tsy hita izay fanamboarana. Feno lavaka ny làlana ary mihandron-drano, ka tsy hitan'ny mpamily intsony izay andehanana, satria sady tsy misy fampahafantarana, no tsy misy manamboatra ihany koa. Tsy vitan'izany, mitaraina ny mpamily satria, ankoatry ny fahatarana amin'ny fandehanana, dia ahiana ihany koa ny fahasimban'ny fiara. Sarotra anefa hoy izy ireo ny hampakatra saran-dàlana, satria ny vahoaka aza mbola ao anaty fahasahiranana tanteraka ankehitriny. Ny vidim-piainana miakatra, ny tsy fandriampahalemana mamely ary manginy fotsiny ny fahatapahan-jiro sy rano lava eto an-drenivohitra. Betsaka ny fitarainana hoy ireo mpamily , fa bemarenina ny mpitondra, ka izay tiany ihany io. Andrasana arak'izany izay fanamboarana tokony hatao, satria raha izao no mitohy dia hisy fiantraikany hatramin'ny fiainana andavanandron'ny mpitatitra, eny fan a ny vahoaka mpampiasa izany lalana izany koa aza, satria variana manao "werawera" fotsiny ny mpitondra.

**Rajo**

Basikety eto Analamanga (LRBBA)

## Nahazo birao mpitantana vaovao

Tontosa tamin'ny Sabotsy teo, tany amin'ny Foibe FMBB - 67Ha, ny fifidianana, izay ho filohan'ny Ligy Rejiônalin'ny taranja Basketball eto Analamanga, na ny LRBBA sy ireo mpikambana hiara-hiasa aminy mandritra ny 4 taona manaraka. Voafidy ho filoha tamin' izany Andriamatoa Andriatsima Ravelo Heriniaina. Toy izao ny firafitry ny birao mitantana ny LRBBA :

Filoha : Andriatsima Ravelo Heriniaina,

Sekretera Jeneraly : Ratovonjanahary Haingo Mampionona.

Mpitahiry vola : Njatonirainy Jean Diano.

**Rainilita**

Mr Aina eny Itaosy

## Nanavotra tovolahy ratsy vintana sy very asa

Tranga iray ity ; tovolahy vao roapolo taona monja ranamana, zanaka olona tambanivohitra izy ary mba te-hiavotra amin'ny fiainana satria sahirana ny ray aman-dreniny. Niakatra teto Antananarivo izy ary nitady asa fa tsy nety tafiditra mihitsy. Izay orinasa mba saika handray azy dia foana ho azy teo, izay olona nilaza fa handray azy hiasa dia tsy hita fotsiny izao ary izay mba nanome toky aza, fa hiara-hipetraka aminy mihitsy dia tsy hita popoka koa. Ny vola tsy niditra, ny tenany efa miha-reraky ny adin-tsaina satria sady tsy mahita tory intsony no manonofy ratsy mihitsy aza indraindray. Mba nisy tovovavy tiany sy nokasainy ho vady mihitsy aza fa nandà nony farany ary izay sipa mba notetehany ho vady dia votsotra avokoa. Nataon'ny tovovavy filan-dratsy fotsiny izy satria izay mba volakely azo dia lany amin'ny sipa fotsiny. Lasa nivarilavo ranamana ka nisotro toaka sy nifoka rongony mihitsy aza, satria tsy zakany intsony ny fahoriana mahazo azy. Teo no nisy mpiara-monina nahalala ny nomeraon'i Mr Aina mpitsabo eny Itaosy 0342902668 sy ny 0338348163, ka nasainy namonjy teny aminy haingana ity tovolahy ity.


*Efa saika namoy fo ilay lehilahy.*

### Ratsy vintana ilay tovolahy

Tonga teny Itaosy ity tovolahy ity ary nihaona tamin'ilay mpitsabo. Ratsy vintana ianao fa teraka alakaosy hoy ity mpitsabo ity, ka tsy ho tafita mihitsy satria vintana mpamosavy ianao ary izay rehetra ataonao dia tsy tanteraka daholo, fa rava, na potika sy fongana avokoa ary tsy ho tafita mihitsy ianao, satria mitovy vintana amin'ny reninao ihany koa ka tsy hifanaraka mihitsy amin' izay tokony hatao sy ilàna fanavaozana eo amin'ny fiainana ihany koa. Nokarakarain'ity mpitsabo ity ny vintan'ilay tovolahy, nembohina izy ary mbola nodiovina ihany koa. Manàna finoana fa tsy maintsy tafita ianao ary ho tanteraka ny fanirianao hoy izy.

### Sady nahazo vady no nahazo asa ilay tovolahy

Gaga aho hoy ilay tovolahy vantany vao vita fikarakarana. Ilay tovovavy nilaza fa tsy tia dia nanjary nila resaka taminy indray ary nilaza indray fa diso vava hono. Ilay hafa izay nilaza fa tsy mbola hanambady dia nilaza koa fa azo atao hono izany fa miandry fotoana fohy sisa. Fa ny tena nahagaga hoy ity tovolahy ity dia nantsoin'ilay tale jeneraly milaza fa tsy mila mpiasa nefa dia nanjary nomena toerana mihitsy. Tsy vitan'izany fa mbola nihoatra amin'ny karama notadiavin'ilay tovolahy no nambaran'ilay mpampiasa. Tafita ranamana, nahazo vady ary milamina tsara ny fiainany ankehitriny. Niaiky izy fa ilay fikarakarana vintana teny amin'i Mr Aina no nanova tanteraka ny fiainany ary nilaza izy fa tsy ho orimbola intsony satria sady tsara toerana no efa nahazo tsodrano tamin'ny ray aman-dreniny koa. Tsiahivo hoy i Mr Aina mpitsabo, fa ny « pouvoir » ananako dia ahafahako mitsabo ny rehetra manana olana , na aretina samihafa, na mila vonjy sy fanavotana, na tratry ny tolaka sy mosavy samihafa, na very asa, na ireo manana olana arapanambadiana, na ireo tratry ny sakana samihafa, sns… dia mahazo izay iriany ary sitrana sy tomady avokoa rehefa manaraka ny fitsaboana sy manaraka ny toromarika avy amiko. Miasa isan'andro aho hoy izy ary tsy manavaka finoana na firazanana na firehana samihafa, fa izay mila vonjy sy te-ho tafita dia karakaraiko sy amboariko ary tsy maintsy tody amin'izay kasainy avokoa.

**Namana**

Fetin'i Saint Valentin

## Maro ireo azo atao fanomezana ao amin'ny Baolai

Amin' ny Vanimpotoana toy izao, dia maro ireo izay mihevitra an' ity volana Febroary ity ho « mois de l' amour » araka ilay fomba fiteny malaza hoe ny « fitiavana no lehibe indrindra». Tsy diso anjara amin' izany fankalazana izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar be Toamasina. « Maro isan-karazany ny entana lohalaharana amin ' ny kalitao ato aminay, izay azo atao fanomezana tsara amin' izao fetin ' ny « Saint - Valentin » ho avy izao. Ary mbola mitohy hatrany ny «promotion-cadeau » amin' ireo Smart Tv sy Télé Led « Jeyoo » sy « Hisense », misy manomboka 32" hatramin' ny 85 " (misy antoka 12 volana daholo), arakaraka ny fetran' ny stock izay misy, hatramin'ny 15 February 2022 », hoy ny tompon' andraikitra. Ankoatran' izay, dia ao ihany koa no ahitana panneaux solaires mono sy polychristalline, laser tv samihafa misy hatramin' ny 120"- Smart tv misy manomboka 32" hatramin' ny 85 ": misy antoka 1 taona daholo, subwoofers rechargeables, cuisinière à gaz sy électrique, amplificateur, machine à laver, réfrigérateur, table de mixage, climatiseur, … Ny antsipirany izany rehetra izany, dia azo fantarina ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin ny laharana finday 034 56 288 21 (ora fiasana). Dia hianoka tanteraka ampitiavana tokoa ny besinimaro amin' ity volana febroary ity, miaraka amin' ny entana « premier choix », izay ho hita ao amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

**Aly**



*Karazan'entana ao amin'ny Tranombarotra Baolai.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 22/01/2022 hatramin'ny 29/01/2022**

- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70 / 034 02 670 70 / 032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58 / 032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1257-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANGÔVO

# Maro no potika fihariana noho ny delestazin'ny Jirama

Be ireo mitaraina amin' izao fotoana noho ny fahatapahan'ny jiro lavareny ataon'ny orinasa Jirama. Raha ora roa no voalaza fa faharetan'ny delestazy isan'andro araka ny nambaran' ny tompoon'andraikitra, sy ny ministry ny angôvo mahakasika ity raharaha ity, mahatratra ora 4 na ora 5 mihitsy aza izany isan'andro amin'izao fotoana. Vokany, maro ireo simba fihariana eto andrenivohitra sy ny manodidiana, indrindra ireo manao asa tena: toy ny mpivarotra, ny mpanao volo, ny mpanefy, ny mpanamboatra fiarakodia,… eny na ny asampanjakana any amin'ny birao aza dia mikatso noho izay fahatapahanjiro tsy misy farany izay. Hita fa tena tsy voafehin'ny Jirama sy ny fitondrana Rajoelina intsony ny mahakasika ity resaka delestazy ity. Tsy vitsy no mampiaka-peo noho izay antony izay, tokony hametra-pialana ny mpitondra rehefa tsy voavahany io olan'ny angôvo io. Tsy ny jiro ihany no tsy misy, fa hatramin'ny rano koa dia tratran'izay "delestazy" izay. Tsy ho zaka intsony io fihafian'ny mpanjifa io ato ho ato, raha izao no mbola hitohy haharitra!

***Niaina***

Angôvo

# Miha-mafy ihany koa ny delestazy any Morondava

Nanao fanampahafantarana ny avy ao amin'ny Jirama Morondava, fa noho ny tsy fahampian'ny solika dia tsy maintsy miditra amin'ny délestage économique ny eto Morondava, ka adin'ny 3 ora isaky ny secteur sisa no mandeha ny jiro eto Morondava, satria dia groupe iray ihany no afaka mandeha nanomboka omaly zoma 29 Janoary izany ary mety haharitra hatramin'ny 4 febroary izao. Araky ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Jirama Morondava dia tsy miankina amin'ny Jirama intsony izao fahatapahana izao, satria efa ny orinasa GES no miantoka ny famokarana ny angôvo fa ny mitsinjara ihany no andraikitry ny Jirama.
Raha tsorina izany dia ny orinasa GES no mpamokatra ny rianaratra sy miandraikitra ny lafiny teknika, fa ny Jirama kosa manaramaso sisa. Na dia maro ny vokadratsin'izany dia tsy maintsy miaina amin'ny zava- misy isika hoy ny tompon'andraikitrin'ny Jirama Morondava fa mety hivaha alohan'ny 4 febroary ity olan'ny solika ity, hoy izy. Mandrapahatongan'izany aloha, simba ny fiharian'ny olona izay tsy maintsy mila jiro amin'ny asa sy ny raharaha izay ataony.

***Rajepa***

Masoivohon'i Japon

# Nitondra fanampiana ho an'ireo traboina

Nitondra fanampiana ho an'ireo traboina, noho ny andro ratsy farany teo teto amintsika, ny Masoivohon'i Japon monina sy miasa eto amintsika. Fanampiana vonjimaika avy amin'i Japon, noho ny toetrandro ratsy nikasika an'i Madagasikara, izao fanampiana nomen'izy ireo izao. Ny zoma teo, taorian'ny antso avo nataon'ny Governemanta Malagasy dia nanapa-kevitra ny Governemanta Japone, fa hanolotra fanampiana vonjimaika ho an'ireo traboina tahaka ny lay, bodofotsy, sns… amin'ny alalan'ny Agence Japonaise de Coopération Internationale (JICA). Amin'ny maha olombelona, sy noho ny fifandraisana misy eo amin'i Japon sy i Madagasikara, dia nandray fanapahan-kevitra i Japon, fa hihetsika sy hanolotra fanampiana ho an'ireo olona tsy manan-kialofana, noho ny toetrandro ratsy nihàtra tamin'ny Nosy tato ho ato. Ny vahoaka japone dia niaina loza voajanahary maro, ka dia mahatsapa tokoa ny fahoriana iainan'ny vahoaka malagasy ary miombom-po tanteraka amin'ireo izay voakasik'iny tondra-drano iny, hoy ny fanambarana. Antenaina fa hanampy ireo traboina ho tafarina haingana ny fanohanana.

***Aly***



*Ny Ambasadaoron'i Japon eto Madagasikara, Higuchi Yoshihiro.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 370

Tsy mahare
Nitady (miv)
Sakoroka
Eka (miv)
Ao an-tsaina
Fanao @ laoka
Eritreritra miafina (miv)
Kanto (miv)
Nirehitra
Fanentanana mandeha
Voahirana
Asiana mandeha
Mitsoka
Marika
Lapan' Andriana (miv)
Mahatazana
Poleta
Azo (miv)
Tovona
Tsofoka

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0369)

*Mitsivalana*
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

*Mitsangana*
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

## TENY MIFANAPAKA

N° 370

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | ■ | ■ | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | ■ | | ■ | | | |
| 5 | | | | ■ | | | | | ■ | |
| 6 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 7 | | | | | ■ | | | | | |
| 8 | | | | | | | | ■ | | |
| 9 | | | | ■ | | | ■ | | | |
| 10 | | | ■ | | | | | | ■ | |

**Mitsivalana**

**1.** Manarama am-pahatsorana **2.** Foto-tenin'ny otazana - Aotra - Simba sy masiso (miv) **3.** Fitaovantsika **4.** Raikitra ny dia - Diky **5.** Taova - Aretina **6.** Miandraikitra fisavàna - Mialoha ny olo-masina **7.** Azo amin'ny ranomasina (miv) - Faneva (miv) **8.** Vola fanomezana - Mpanoritra **9.** Olo-masina - Heno - Endrika sy fihetsika (BR) **10.** Tsara (BL) - Volana maro

**Mitsangana**

**A.** Sezanareo **B.** Efa tranainy (miv) - Potika **D.** Mamangy **E.** Mamarana ny kilalao - Bengy **F.** Mampisafidy - Faran-teny **G.** Potehinareo **H.** Tsara sy mahafinaritra (miv) - Fifanarahana amin'ny lalàna **I.** Tontosa (BL) - Oroka **J.** Karazana aretina - Fanehoana zava-marina **K.** Tiantsika, tadiavintsika

### Valiny Teny mifanaraka 0369

*Mitsivalana*

1.Fiarakodia **2.** Ody - Natory **3.** Kintana - In **4.** Ora - Re **5.** Na - Lafatra **6.** Ondana - Eo **7.** Laoka - Alao **8.** OO - Irony **9.** Alehanao **10.** AS - Eo - Voay (miv)

*Mitsangana*

**A** Fokonolona **B.** Idiranao **D.** Aina - Do **E.** Lakile **F.** Anaranareo **G.** Kanefa - OH **H.** Ota - Anay **I.** Do - Atelina **J.** Iry - Roa - Ao **K.** (L)ainga - Volo (miv)

## NY TENY FIAINANA

*"Ny zanaka hendry mahafaly ny rainy; fa ny adala manao tsinontsinona an-dreniny."*

***Ohabolana 15:20***

**Filohan'ny ASIEF**

# Voafidy fanindroany Andrianarison Jean Aimé na John Love

Tontosa ny zoma teo, tetsy amin'ny ANS Ampefiloha ny fifidianana izay filoha hitantana ny ASIEF mandritra ny taona olympika 2022-2026. Lany hitantana izany indray ny filoha teo aloha, Andrianarison Jean Aimé, fantatry ny rehetra amin'ny anarana hoe John Love. Mpifidy 89 tamin'ireo 122 voasoratra anarana no tonga nandatsa-bato tamin'io fifidianana io, ka vato 86 tamin'izany no azony. Tonga nanatrika ity fifidianana ity, Andriamatoa Harinirina Rajahonesa Brice talen'ny DSSD (Direction du Sport-Santé et Développement), eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, niaraka tamin'ireo ekipany. Vaindohan-draharaha voalohany ho tontosain'ity ekipa tarihako ity, hoy i John Love, ny hidina ifotony any Morondava hijery ny zava-misy any an-toerana amin'ny hanatanterahana ny "Championnat National Asief", ho tontosaina amin'ity taona 2022 ity ary ny sisa manaraka ihany. Nambaran'ity filoha ity ihany koa, fa ho tazonina hatrany ireo ekipa niaraniasa taminy hatramin' izay "mandat" voalohany izay, na dia hisy famindran-toerana kely ho tanterahina aza ao anatin' izany.



*Andriamatoa John Love teny amin'ny ANS Ampefiloha.*

**Rainilita**

**Orange Pro League 2021/2022**

# Niova ny filaharana vonjimaika ao amin'ny Conférence Sud

Taorianan'ny lalao tara tao anatin'ny andro faha-4, izay nihaonan'ny MAMA FCA Ilakaka, sy ny JFC Toliara, tao amin'ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa", tamin'ny alarobia 26 janoary 2022 lasa teo, ka tsy azo natrehin'ny mpijery, izay nivoahan'ny Mama Fca ho mpandresy tamin'ny isa 1 – 0 dia miova ny filaharana vonjimaika ao amin'ny vondrona "Conférence Sud" amin'ity fifaninanana ity, ka lasa ny Mama Fc Ilakaka manana isa 11 (+4), no mitana ny laharana voalohany, mialohan'ny Cffa sy ny Elgeco Plus. Ao amin'ny vondrona « Conférence Nord » kosa dia tsy miova fa mbola mitarika vonjimaika hatrany ny Fosa Juniors Fc Boeny.



*Ny ekipan'ny Mama Fca Ilakaka.*

**Rainilita**

**Rugby Makis U20**

# Vita ny sabotsy teo ny fifantenana an'ireo mpilalao

Tontosa tamin'ny sabotsy teo, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny fifantenana ireo mpilalao latsaky ny 20 taona. 240 ireo zatovo lahy Tonga namaly ny antson'ny Malagasy Rugby. Nisy tamin'izany ireo solontena avy any amin'ny Faritra.

Toamasina : 16,
Antsirabe : 4,
Alaotra Mangoro : 2,
Atsimo Andrefana : 4,
Amoron'i Mania : 8.

Nitohy tamin'ny alahady 30 janoary 2022 ny fitsapana ara-tanjaka azy ireo.

**Rainilita**



*Fifantenana mpilalao rugby teny Andohatapenaka.*

**½-dalana CAN 2022**

# Burkina Faso-Senegal sy Cameroun-Egypte

Hafanafana rahampitso sy amin'ny alakamisy ny ½-dalana ny CAN 2022, hifanandrinan'i Burkina Faso sy Sénégal andaniny ary Cameroun sy Egypte ankilany. Rahampitso alarobia 02 febroary 2022 sy amin'ny alakamisy 03 febroary 2022 samy amin'ny 10 ora alina (ora malagasy). Tiahivina fa teo amin'ireo lalao 1/4-dalana tamin'ity fifaninanana ity i Burkina Faso dia nandavo an'i Tunisie 1-0, i Cameroun nanintsana an'i Gambie 2-0, i Egypte nandresy an'i Maroc 2-1 ary i Sénégal nandavo an'i Guinée Equatorial 3-1.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina sy poivron indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao saosy amin'ny poivron sy voatabia ary tongolo ny henabaolina. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo sakafo manatsara ny aty

Ireo sakafo manatsara ny aty indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Sakafo tsara ho an'ny aty sy manadio ny aty , indrindra ho an'ny olona manana aty matavy , marary aty sns... Legioma: brocoli , radis , moutarde vert , laisoa. Tongolo gasy. Tamotamo. Betiravy. Champignon na holatra. Zavokà. Menaka olive madio.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambatomainty any amin'ny distrikan' Ambatomainty faritra Melaky

Tao aorian'ireo tanàna tany amin'ny distrikan'i Soalala faritra Boeny, ireo tanàna amin'ireo distrika miisa 5 mandrafitra ny faritra Melaky indray no ampahafantarina anao manomboka eto. Ny tanànan'Ambatomainty any amin'ny distrikan'Ambatomainty faritra Melaky, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatomaity ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 4 mandrafitra ny distrikan'Ambatomaity. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any Ambatomaity. Anisan'ny tena ompian'ny mponina ny omby. Faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana ny any an-toerana, noho ny resaka halatr'omby. Manana seranam-piaramanidina Ambatomaity, nisy ny fiaramanidina nankany amin'izany tanàna izany tamin'ny fotoan'androny.

